

LES CONJONCTIONS DE SUBORDINATION

2. Les conjonctions de subordination composées

Azo iantsoana ny conjonction de subordination composée ihany koa ny hoe locution conjonctive de subordination. Araka ny maha composée azy, dia teny roa na maromaro no mandrafitra azy ka milaza hevitra iray.

Misy karazany maro ny locutions conjonctives arakaraka ny sehatra ampiasana azy, izay hojerena mifaneshy etsy ambany. Maro be ireo locutions conjonctives saingy ireo izay tena fampiasa matetika no ndeha hojerena amin'ny lisitra eto ambany.

Pour exprimer le but (Milaza tanjona):

Azo adika amin'ny ankapobeny hoe "mba" ny locutions conjonctives de but.

Ireto avy ireo tena fampiasa:

Afin que, pour que, de façon à ce que, de manière à ce que, de sorte que, de peur que, de crainte que...

Exemples:

- Afin que tu puisses le comprendre, je parlerai clairement./ *Mba hahazoanao azy, dia hiteny mazava tsara aho.*
- Laissez cuire 3 minutes de façon à ce que les légumes restent croquants./ *Andrahoy 3 minitra mba ho tonga mikarepoka ny legioma.*

Pour exprimer la cause (Milaza anton-javatra):

Azo adika amin'ny ankapobeny hoe "satria" an "koa satria" ny locutions conjonctives de cause.

Ireto avy ireo tena fampiasa:

Parce que, vu que, étant donné que, du fait que, du moment que, d'autant que...

Exemples:

- Tu ne devrais pas encore te marier parce que tu n'as pas d'emploi./ *Tsy tokony mbola hanambady ianao satria tsy manana asa.*
- Vu que tout le monde est là, commençons la réunion./ *Koa satria efa eo daholo ny olona rehetra, dia andao hatomboka ny fivoriana.*

Pour exprimer la condition (Milaza fepetra):

Azo adika amin'ny ankapobeny hoe "raha toa ka" ireo locutions conjonctives de condition.

Ireto avy ireo tena fampiasa:

Au cas où, à condition que, pourvu que, dans la mesure que, à supposer que, à moins que...

Exemples:

- Au cas où vous avez besoin de coup de main, n'hésitez pas à me téléphoner./ *Raha toa ka sendra mila fanampiana ianareo, dia aza misalasala miantso ahy.*

pouvoir: afaka

comprendre: mahazo (hevitra)

parler: miteny, miresaka

clairement: mazava

laisser: mamela

cuire: mahandro

minute: minitra

légume: legioma

croquant: mikarepoka

encore: mbola

se marier: manambady

emploi: asa

tout le monde: ny olona rehetra

commencer: manomboka

réunion: fivoriana

avoir besoin de: mila

coup de main: fanampiana, tolo-tànana

hésiter: misalasala

téléphoner: miantso an-telefaonina

accepter: manaiky

travail: asa

aider: manampy

avoir mal: marary

jambe: ranjo (tongotra)

parvenir: tonga, mahatratra ny tanjona

arrivée: fahatongavana

homme: lehilahy, olona

aller au travail: mandeha miasa

femme: vehivavy

s'occuper de: misahirana amin', mikarakara

enfant: ankizy

- J'accepterai le travail à condition que vous m'aidiez./ *Manaiky ilay asa aho raha toa ka hanampy ahy ianareo.*

Pour exprimer la concession ou l'opposition (Milaza fifanoheran-kevitra)

Ireto avy ireo locutions conjonctives tena fampiasa mampiditra fifanoheran-kevitra:

Même si, bien que (*na di aza*), alors que (*kanefa*), tandis que (*fa...kosa*), sans que (*raha tsy*)...

Exemples:

- Même si elle avait mal à la jambe, elle est parvenue à l'arrivée./ *Na dia narary tongotra aza izy, dia tonga tamin'ny tanjona ihany.*
- Les hommes vont au travail tandis que les femmes restent à la maison pour s'occuper des enfants./ *Ny lehilahy mandeah miasa, fa kosa ny vehivavy mijanona ao an-trano mikarakara ny ankizy.*
- Tu vas à l'école alors que tu ne te portes pas bien./ *Handeha hianatra ianao, kanefa tsy dia salama tsara.*

Pour exprimer le temps (Milaza fotoana)

Ireto avy ireo locutions conjonctives tena fampiasa matetika raha hilazana fotoana.

Dès que, sitôt que, aussitôt que, une fois que (*raha vantany vao*), depuis que (*nanomboka hatramin'ny*), avant que (*alohan'ny*), après que (*aorian'ny*), pendant que (*mandritra ny*), jusqu'à ce que (*mandrapaha*), chaque fois que (*isaky ny*)...

Exemples:

- Je te rendrai le livre dès que je finis la lecture./ *Ateriko amina ny boky raha vantany vitako ny famakina azy.*
- Continue tout droit jusqu'à ce que tu voies une pharmacie./ *Mandehana mahitsy foana mandrapahitanao fivarotam-panafody.*

Pour exprimer la comparaison (Manao fampitahana)

Azo adika amin'ny ankapobeny hoe "tahakan'ny" na "ohatran'ny" ireo locutions conjonctives de comparaison.

Ireto avy ireo tena fampiasa:

Comme si, de même que, de la même façon que, de la même manière que, ainsi que...

Exemples:

- Il me parle comme si on se connaît./ *Ohatran'ny hoe efa mifankahalala izany izahay amin'ny fomba firesany amiko.*
- Vous pouvez cuire ce légume de la même façon que les pommes de terre./ *Tahakan'ny fandrahoana ny ovy ihany no fandrahoana io legioma io.*

école: sekoly

se porter bien: salama tsara

rendre: manatitra

livre: boky

finir: mahavita, mamita

lecture: vakiteny

tout droit: mahitsy foana

voir: mahita

pharmacie: fivarotam-panafody

se connaître: mifankahalala

pomme de terre: ovy